FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

SYNODAM-PARITANY EOROPA

TOBY POURU SAINT-RÉMY

Miray amin'ny

TOBILEHIBE ANKARAMALAZA

'Ary Ataovy ny trano dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina aho, hoy Jehovah.' Hagay 1.8b

Pouru Saint-Rémy faha 15 febroary 2020

Ry havana,

Hampitomboina ho aminareo mandrakariva anie ny fahasoavana sy ny fiadanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy Jesosy Kristy Tompontsika.

Fifaliana ho anay ny manome ny vaovao mikasika ny fanorenana ny trano ho Toby.
Dingana lehibe izany fanorenana izany hirosoana amin'ny fikasàn'nyTompo mahakasika ny Toby eto Pouru Saint Rémy.

1. **Fitohizan'nyasa:** Vita soa amantsara ny fanomananany "appel d'offre" hisafidianantsika ny "maître d'oeuvre". Tonga àry ny fotoana hitadiavana sy hisafidianana ny mpanao mari-trano ("architecte") hiarahantsika miasa mandritra ny asa fanorenana ho avy. Ampiasaina ny "plateformes internet" izay fampiasan'nympanao appels d'offre ary apetraka amin'ny tranokalan'ny Toby koa ny mombamombaizany: https://spflme-tobypouru.org/la-construction-avance/

Miangavy antsika izay mahafantatra mpanao mari-trano mba hampiseho azy io rohin'ny Fanorenana, voalaza teo aloha io. Manana hatramin'ny 30 Aprily 2020 izy hanolotra ny dossier-ny amin'izany.

2. **Toe-bola:**Mahatratra 222 000€ izaonyvola an-tànana, aoamin'nykaontin'ny Toby.

Araka ny efavoalaza teo aloha dia ampy hanombohana ny asa iovola io, raha toa ka mitohy tsy miato ny fanomezana. Toy izao ny antsipiriany:
- 316 800€ ny vola voaangona hatramin'ny fanombohana ny asa
- 83 000€ nividianana ny tany hanorenana ny trano ho Toby
- 9 000€ + 7 000€ nomena ho karaman'nympiara-miasa "Maître d'oeuvre" (EnrepriseProcimmomivantana), nanaovana ny "Pré-étude" sy "plan", "estimation" voalohany ary fanomanana ny "dossier permis de construire"
- 2800€ nanamboarana ny site web, niarahana tamin'nyorinasa Entry

Fampahatsiahivana samihafa:

3. **Mikasika ny rosia** :Tokony ho efa naharay rosia na « confirmation » ny vola nalefany ny tsirairay izay mandefa vola ao amin'nykaontin'ny Toby. Raha tsymbola naharay rosia ianao ka te hahazo izany dia azo omenao ny mpitam-bolan'ny Toby ny adiresy "mail".

4. **Mikasikany « électricité»** :Mitohy ny antso ho an'izay rehetra manan-talenta hikarakara ny « plans électriques courant fort sy courant faible ». Aza misalasala miantso ny tompon'andraikitra ao an-toerana : RANDRIAMBOLOLONA Jean 06 11 39 60 73

5. Mikasika ny lakozia : Mitohy ihany koa ny antso amin'ny fanangonana fanaka an-dakozia « professionnel » toy ny réfrigérateur, four à étage, marmite chauffante 80L...

Aza misalasala ihany koa miantso ny tompon'andraikitra raha te hanao fanomezana hianao na mahita fanaka an-dakozia « professionnel » hovidian'ny Toby